# Ilay Voa Tsara Nafafy 21 Oktobra 2018

# 21 Alahady oktobra

**Jesosy ... nandehandeha nanao soa sy nahasitrana izay rehetra azon'ny herin'ny devoly, satria Andriamanitra nomba Azy.** Asan'ny Apostoly 10. 37, 38

## Andriamanitra manome ny fifaliany

„Izaho dia tovovavy alzeriana nirehareha tamin'ny hatsaratarehin'ny tany niaviako. Tsy nisy kianina ny ray amandreniko, ary nampihanta ahy mandrakariva. Nony nihalehibe aho dia nanomboka nanontany tena momba izao tontolo rehetra izao : Ahoana no fomba nahariana azy ? ary iza no nanao izany ? Inona no hery miafina mifehy azy ?

Rehefa nianatra tany amin'ny oniversite aho dia nipetraka tany amin'ny vondron-trano natao ho an'ny mpianatra, saingy tsy nahazo aina noho ny fitondrantena-n mpianatra maromaro. Hafa tanteraka tamin'ny tanjoko ny tanjon'izy ireo, ka nanontany tena aho raha mba miaina araka ny finoana sy ny fahatahorana an'Andriamanitra izy ireo...

Nandritra izany fotoana nieritreretako sy nandinihako izany, dia tafahaona tamina tovovavy mpianatra kristiana iray aho, ary nanjary namako izy. Nomeny Filazantsara nosoratan'i Lioka aho, ary tao no nanomboka nahafantatra an'i Jesosy, Izay nanokana ny fiainany hanasitranana ny marary, hanafahana ny olona nandevozin'ny fanahy ratsy... Jesosy maty hamonjy olona mpikomy. Dia nanjary nivavaka tamin'ny Andriamanitry ny kristiana aho. Rehefa namaky ny Baiboly aho dia nitombo kokoa hatrany ny finoako, arakaraka ny nahitako an'i Jesosy tao anatin'ny fanetrentenany, ny fietreny ary ny heriny.

Andriamanitra no heriko. Manampy ahy Izy handreseko ireo fahalemeko sy fahakiviako. Fifaliana betsaka no omeny maimaimpoana isanandro ho an'ireo zanany, dia ireo izay mino an'i Jesosy Kristy Zanany, Izay nirahiny mba hamonjy antsika tsy hiharan'ny fanamelohana, amin'ny alalan'ny finoana Azy."

*(araka an'i Souad)*